INTERNATIONAL GUIDELINES FOR RESPONSIBLE DIVER

DINA IRAISAM-PIRENENA

CENTRE DE PLONGEE

TOMPONANDRAIKITRA

Miaraha aminay!
Samia tomponandraikitra
Mba ho masoivohon'ny taona arivo fahatelo…

Albert Falco
Lehiben'ny mpijiboka sy Kapiten'ny Calypso taloha
Filoham-boninahitry ny Longitude 181 taloha

François Sarano
Namorona ny Longitude 181

Patrice Bureau
Filohan'ny Longitude 181

Longitude 181
120,Chemin du Bois Malatras - 38160 Chatte - Francee-mail :
contact@longitude181.org - site : www.longitude181.org

Centre de plongée tomponandraikitra

Ity dina ity dia fanitsy zotra. Tsy fitsipika fanerena akory!
Ny torohevitra omeny dia raisina arakaraky ny toe-jaza-misy sy ny toerana ilentehana. Ny tanjony dia anosika ny tsirairay hitandrina sy hametraka ny fepetra rehetra hahatomombana ny filentehana ary ho fiarovana sy fandrindrana marina ny harenan-dranomasina

Ny centre de plongée dia toerana natokana hihaonan'ny mpijoboka sy ny tontolo ambany ranomasina, ny mpizaha-tany sy ny firenena mandray, Mpiandraikitry ny centre, tarito ny sain'ny vahiny, ampafataro izy, tsy momba ny harena andranomasina fotsiny fa momba ny haren-tsain'ny mponina ihany koa.

1- Fandraisana ny mpijoboka

- Fampisehoana amin'ny ankapopebiny ny centre : ny firenena, ny mponina, ny fomba, ny toe-karena.
- Fampisehoana ny ekôsistema amabany ranomasina, ankoatra ny hatsaran'ny toerana dia hampatsiahivo ny maha marefo azy (biby arovana, tandremana, tsy fahita afa-tsy ao), ny maha zava-dehibe ny fifandraisan'ny karazana biby, ny maha marefo ireo karazana biby kely.
- Fisy mampatsiahy ny fitsipika arahina mandritra ny fitsobohana, ny lalàna mifehy ny biby arovana (fitahirizana sy fivarotana), ary ny lalàna ao anatin'ny faritra voaaro.
- Fisy mampahafantatra ny fanjifana ny hazandrano any amin'ny toeram'pisakafoanana, mampiseho ireo karazana biby tsy manimba ny ekôsistema ny fihinanana azy, sy ireo tsy maintsy sorohana ny fihinanana azy mba tsy afongana azy.

2- Mampianatra tomponandraikitra

- Ry Mampianatra, manana adidy tsara ianao: ankoatra ny fampianarana mijoboka sy fitandrona ny fiarovana, mahaiza mitarika ny saina, ny zotom-po, ary ny fanajan'ny mpijoboka ny tontolo izay hasehonao azy.
- Ampatsiahivo azy fa marefo ny tontolo andranomasina ka adidiny ny mitandrina izany.
- Ampatsiahivo azy fa ny centre dia mipetraka eo anivon'ny fiara-monina misy azy ka mizara ireo harena voajanahary aminy (rano mamy, sakafo, ranomasina…)
- Aza adino fa modely ianao, ka ho adikan'ny olona tarihinao ny fihetsikao.

3- Fahafantarana sy fitantanana maharitra ny faritra

- Famaritana, fitanisana ary fanaraha-maso ny fahasalaman'ny faritra: Mba ho fitsinjovana ny harena an-dranomasina ny faritra ijobohana, dia ilaina ny manao lisitra mitanisa sy mamaritra ny faritra. Io teti-panoritana io dia iraisana amin'ireo centres miray faritra iasana, miaraka

amin'ny siantifika ivelany, na koa iarahana amin'ireo fikambanana mikasika ny tontolo iainana izay akaiky ka manatsara ny fifanakalozana amin'ireo mponina eo an-toerana. Ny valin'io teti-panoritana io dia hamaritra ireo faritra mila fanaraha-maso. Ny fanaraha-maso ataonao matetika no hitsapana ny fivoatrany sy ny fitantanana ny faritra amin'ny fomba maharitra. Izany asa famaritana izany dia loharanom-pahalalana ho an'ireo mpijoboka mpitsidika.

- Fametrahana ny bouées de mouillage isaky ny faritra itsobohana dia misoroka ny fanipazana vato fantsika eny rehetra eny izay mamotika ny biby sy ny zava-maniry an-dranomasina.
- Famerana ny isan'ny mpijoboka mba ialana amin-ny fahatongavana betsaka loatra manimba ny fiainana an-dranomasina.
- Fampitsaharana ny fandehanana eny amin'ny faritra be mpitsidika loatra sy ireo faritra misy trondro marefo mandritra ny fotoana fanatozany.
- Fametrahana ny toerana voaaro, miaraka amin'ny fanomezan-dalana omen'ny manam-pahefana eo an-toerana. Ireny faritra ireny dia ho lasa vavolombelona ary hamerina hanoro-ponenana ao toerana samba ny hazandrano.

4- Fanajariana ny centre mba ho ekolojika

Ny tanjon'ny centre de plongée anao dia ny hizara ny hatsara ny tontolo. Tandrovy ary ny tontolo andranomasina amin'ny alalan'ny fametrahana rafitra fandrindrana ny fako, sy fampiasana ny angovo azo avaozina sy maharitra.

- Fanangonana sy fanodinana ny fako: fehezo ny fako avoakan'ny centre (vilia, vera, sotro plastika…). Angony sy apetraho amin'ny toerana mpanangona sy mpanodina azy ny piles efa niasa, ny menaka vidange, ny fako misy poizina.
- Fitsitsiana sy fanodinana ny rano madio: daba fanakobanana ny fitaovana, trano fandroana misy tampim-pikoriana mitsitsy, fitatazana ranon'orana, fanodinana ny rano maloto makany amin'ny lavapiringa.
- Angovo azo avaozina sy maharitra: fampiasana ny herin'aratra avy amin'ny rivotra sy masoandro raha azo atao.

5- Fizarana mitovy- toe-karena miaraka

- Fampianarana, fampiasana ny mponina eo an-toerana ao anatin'ny ekipan'ny mpijoboka.
- Fizarana mitovy ny rano madio amin'ny mponina, indrindra ny mpamboly, any amin'ny firenena izay sasy ny rano.
- Fitantanana ny hazandrano natokana ho an'ireo toerana fisakafoanana: mpiandraikitra, mpanjono, manam-pahefana dia miara mamaritra ny habetsakin'ny hazandrano ho an'ny trondro marefo (langoustes, mérous …). Mba hisintona ny mpanjfa any @ trondro hafa tsy sasy. Ny toeram-pisakafoanan'ny centre dia mandà ny hazandrano rehetra voajono amin'ny fomba tsy ara-dalàna sy manafongana, ny ny trondro mandritra ny fotoana fanatodizany, ny zana-trondro tsy mahatakatra ny refy ara-dalàna.
- Famatsiam-bola tetik'asa famapandrosoana anw-toerana manomboka amin'ny ampahiny isan-jato ny saran'ny fijobohana (1 na 2 euros): trano fianarana, fefiloha, rafitra fitsitsiana rano, herinaratra avy amin'ny masoandro, fametrahana rafi-pitantanana hametrahana jono maharitra.